

**FANATITRA TOHANAM-POTSINY
TORITENY FITANTANAM-PIAINANA KRISTIANA
10 Marsa 2018**

Toko sy andininy fototra: Eksodosy 36: 4-7

FAMPIDIRANA

Vakio Eksodosy 35 : 4-9 ; 20-29 / 36 :4-7

Ara-dalana tokoa raha ny fanorenana iray izay homanina manokana ho an'Andriamanitra mba hihonanay amin'ny olona, no alamina am-pahamalinana fatratra, amboarina tsara mba ho mahate honina, madio ary ahitana ny zavatra ilaina rehetra; satria natokana sy hatolotra ho an'Andriamanitra izany, ary Izy no hanaovana fitalahoana hitoetra ao amin'io fonenana io sy hahamasina azy noho ny fanatrehany. Zavatra ampy no tokony omena an-tsitraro ho an'ny Tompo, mba hamitana ny asa sy ahafahan'ny mpiasa hilaza hoe: "Aza mitondra fanatitra intsony".

Fanomanana betsaka sy mitaky fandaniana be tokoa no nilaina. Fitaovana manokana sy lafo vidy no tsy maintsy nangonina. Fanatitra an-tsitraro ihany anefa no noraisin'ny Tompo.

Misy olona izay manao fandaniana be tokoa mba hananganana trano tsaratarehy sy mahate honina ho an'ny tenany; saingy rehefa manomana toerana izay handraisany ny fanatrehan'Ilay Avo sy Omem-boninahitra indrindra anefa izy ireo dia mahagaga tokoa fa toa tsy rototra ary tsy liana akory ny amin'ny zavatra ilaina ao anatiny, na ny filaminany sy ny fanatanterahana izany akory. Mitady fatratra ny amin'ny fomba atao hahakely araka izay azo atao ny fandaniana amin'ny fanorenana ilay fitoerana masina izy ireo, kanefa mihevitra izany ho toerana fiankohofana. Tsy hanome ny fitahiany amin'ireo izay manambany ny tombambidin'ny zavatry ny lanitra toy izany Andriamanitra. EGW, 1SP270.1.

NANDROSO TAM-PINOANA I MOSESY

Tonga dia nanomboka avy hatrany i Mosesy. Afaka nisalasala ny amin'ny fahalalan-tanan'ny olona izy (satria betsaka tokoa no nilaina) na nisalasala ny fahaiza-manaon'ireo hanao ny asa; kanefa ampy azy ilay hoe Andriamanitra no mitarika ny asa.

Ny andraikitra sy ny tombotsoa azo avy amin'ny fanaovana fanatitra ho an'Andriamanitra

Ny hoe Andriamanitra mamela antsika hanolotra ho Azy ny efa Azy rahateo, sy ny fanekeny izany fanatitra izany ho fanomezana an-tsitraro, dia anisan'ny fanehoana ny fahatsarany. Nampiantso ny "fiangonan'ny Zanak'Israely rehetra" eto i Mosesy mba ahafahany manome fotoana ny rehetra tsy an-kanavaka, hanao asa tsara, izay mety handraisany valisoa mifanaraka amin'izany. Tsy hisalasalana fa nasehony tsara hoe ny tanjon'izany dia ho

voninahitr' Andriamanitra sy ho fankaherezana ny vahoakany; tanjona izay mihoatra noho ny fanoloana fotsiny ilay "tranolay fihaonana" mampalahelo, izay namboamboariny ny ampitson'ny nidinany voalohany avy tao Sinay (Eksodosy 33:7); fanoloana izany amina rafitra be voninahitra, vita amin'ny akora lafo vidy indrindra, izay nomanin' Andriamanitra tenany mihitsy, mba ho mendrika Azy, ary natao hanafana sy hampisy heviny kokoa ny fiainam-panahin'ny olona rehetra izay hiankohoka Aminy. Rariny raha hangonina amin'ny alalan'ireo fanomezana antsitrapon'ireo mahatoky raha azo atao, ny fanorenana ilay rafitra.

Ho amin'izany no nanaovan'i Mosesy antso ho an'ny rehetra. Nanondro ireo fomba anankiroa hanatanterahana izany fanatitra izany izy, tamin'ny fanaovana io antso io.

I. FANOMEZANA FITAOVANA MIVAINGANA HO FANATITRA. Ireo rehetra izay nanana volamena, volafotsy, varahina, lamba manga, volomparasy, jaky, rongony fotsy, volon'osy, sns; dia nasaina mba handray anjara avy amin'izay nananany amin'ny fananganana ilay fitoerana masina. Notsindriana tsara fa raha manao izany izy ireo, dia tokony ho araka izay "amporisihin'ny fony" (Eksodosy 35:5) – "tsy amin'ny alahelo, na amin'ny faneriterena; fa ny mpanome amin'ny fifaliana no tian'Andriamanitra" (2 Korintiana 9:7). Ny fomba fanaovana fanatitra toy izany dia nisokatra ho an'ireo izay nanana karazan-javatra manokana, ary tena nety amin'izay afaka nandray anjara tamin'io fomba io.

Koa satria Andriamanitra "tsy manavaka na iza na iza" ary mijery amin'ny fomba mitovy ny mahantra, ny sahirana, sy ireo manana toerana ambony; dia nilaina koa ny fomba na endrika hafa fanaovana fanatitra Aminy.

II. FANOMEZANA FOTOANA SY HERIN-TSANDRY HO FANATITRA. "Ary aoka ny hendry rehetra eo aminareo ho avy ka hanao izay rehetra nandidian'i Jehovah (Eksodosy 35:10). Ireo rehetra izay nanana ny fahaiza-manao ampy dia nasaina hamonjy amin'ny asa fanomanana sy fanamboarana ireo karazana akora. Ny mpandrafitra, ny mpanenona, ny mpandoko lamba (teinturier), ny mpanefy, ny mpanao vy, dia samy afaka nitondra ny anjara birikiny daholo na tamin'ny fotoanany na tamin'ny asa, ary vokatr'izany dia azo lazaina ho nanao fanatitra nankasitrahana' Andriamanitra tahaka ny volamena sy ny firavaka, sns, ihany koa izy ireo. Na ny vehivavy mahantra aza izay tsy nahay afa-tsy ny "namoly tamin'ny tanany" (Eksodosy 35:25) dia "nitondra izay nofolesiny" ary noraisina ho fanatitra ankasitrahana izany. Toy izany koa amin'izao androntsika izao, na oviana na oviana no misy asa tsara mila atao, dia hisy foana fotoana izay ahafahan'ny rehetra maniry hanana anjara amin'izany – izay ahafahany manampy na amin'ny asa saina izany na amin'ny asan'ny tanana, na ny herim-batana. Ary ny tombambidin'izany fandraisana anjara izany dia tena mitovy amin'izay omen'ny mpandray anjara manan-karena eo imason' Andriamanitra.

Rehefa nampahafantarin'i Mosesy azy ireo ny sitrapon' Andriamanitra, dia nandeha nody izy ireo ary nampihatra avy hatrany izay reny, Eksodosy 35:20. Raha mba isaky ny avy mandre ny Tenin' Andriamanitra ihany koa re ny fiangonana rehetra, ka manapa-kevitra avy hatrany ny hanao toy izany e!

Niala teo ny vahoaka mba handinika ny valiteniny tamin'ny antso nataon'i Mosesy. Niverina izy ireo avy eo. Misy heviny manokana ilay hoe nitondra ny fanatiny teo no ho eo izy; niala nankany amin'ny lainy izy mba haka avy hatrany ny fanatiny, ary tsy nila naka fotoana hiheverana ny amin'izany, fandrao hampangatsiahin'ny fanemorana fotoana ny hafanam-pony. Na inona na inona andraikitra handresen'Andriamanitra lahatra sy hiantsoany antsika dia mila manao izany faingana isika. Tsy misy vanim-potoana tsara kokoa na mety kokoa noho ny ankehitriny.

Ireo fanomezana

MPANOME AMIM-PAHALALAN-TANANA. Ny ankamaroan'ny zavatra rehetra nilaina tao amin'ny fitoerana masina dia avy amin'ny fanomezana maimampoana nataon'ny olona. Tonga mora foana ireo zavatra nilaina.

Toy izao ny toe-tsaina nanolorana ireo fanomezana ireo izay azontsika halaina tahaka:

1. NY FAHARISIHANA: “Ary samy nanatona izy, dia izay rehetra nampahazotoin'ny fony, ary izay rehetra namporisihin'ny fanahiny” (Eksodosy 35:21). “ny mpanome amin'ny fifaliana no tian'Andriamanitra” (2 Kor 9:7).

Voambara fa namporisihan'ny fanahiny (Eks 35:21) sy ny fony (Eks 35:29) ireo. Nataony am-pifaliana sy niainga tamin'ny fitsipika tsara iray ny zavatra nataony. Narisika izy ireo, tsy hoe noho ny antony ivelambelany izany, fa noho ny toe-panahiny. Avy amin'ny fitsipiky ny ftiavana an'Andriamanitra sy ny fanompoana Azy, ny faniriana ny fanatrehany eo anivon'izy ireo araka ny didiny, ny fankasitrahana noho ireo zavatra lehibe nataony ho azy ireo, ny finoana ireo fampanantenany ny amin'ny mbola ataony (na farafahakeliny, ny amin'ny fiheverana ireo nataony ankehitriny); izany no nahatonga azy ireo harisika hanome. Ankasitrahana'Andriamanitra ny zavatra omentsika na ataontsika ho Azy raha miainga amin'ny fitsipika tsara avy ao am-po sy ny toe-panahy tsara izany.

2. ARAKARAKY NY FAHAFAYA-MANAO. Samy nanome izay azony natao ny tsirairay (Eks. 36:23-29). Maro karazana ireo fanatitra, arakaraka izay nananan'izy ireo; ireo izay nanana volamena sy vatosoa sarobidy dia nitondra azy ireny. Ireo izay tsy nanana vatosoa sarobidy dia nitondra volon'osy sy hoditr'ondry. Na dia tsy afaka ny hanome betsaka tahaka ny omen'ny hafa ho an'Andriamanitra aza isika, dia tsy afaka ny hipetra-potsiny ka tsy hanao na inona na inona. Raha toa ka tsy ahazoantsika laza amin'ny olona ireo fanatitra tsotra izay araky ny fahafahantsika, dia tsy midika izany hoe tsy ankasitrahana'Andriamanitra ireny. Andriamanitra dia mitaky arakaraky ny hananan'ny olona, fa tsy arakarak'izay tsy hananany, 2 Kor 8:12; 2 Mpanjaka 5:23. Ny farantsa kely roa avy amin'ny mahantira iray dia nahafaly an'Andriamanitra mihoatra noho ireo talenta be dia be avy amin'ilay mpanam-be. Mijery kokoa ny fon'ilay mpanome mihoatra noho ny tombambidin'ilay fanomezana ny mason'Andriamanitra.

Nanome fanomezana lafo vidy ireo andriana. Nanome volafotsy sy varahina ny hafa. Ny hafa nanome hazo. Ireo izay tsy afaka nanome na inona na inona dia nanome herin-tsandry (Eksodosy

36:25, 26). Nanome arakaraka ny fahafahany, ary tsy mba nikajikajy izay habetsahan'izay nomen'ny hafa ny tsirairay. Tsy nisy ihany koa hoe niandry ny farany ka hijery hoe inona no tsy ampy.

Tsy mbola nisy vola tamin'ny endrika farantsa (pièce) tamin'izany vanim-potoana voalohandohany izany. Firavaka nolanjaina, indrindra fa ireo firavaka fanaingoana ny zavatra an'ny tena (trano, sns) no vola nampiasaina tamin'ny fifampivarotana.

Tamin'ny farany dia gaga izy ireo noho ny habetsahan'ireo firavaka nananany, ary hitantsika fa betsaka tokoa ny firavaka lafo vidy sy tsara tarehy araka ny karazany, satria ny fitafiana dia tsotra sy tsy dia nisy tany Egypta. Ny sasany aza zara raha niakanjo kanefa niambozona firavaka lafo vidy. Namoy ny tsara indrindra nananany ho an'ny fanompoana an'Andriamanitra izy ireo.

3. NY REHETRA. 1/ Izy Rehetra (35:21) - 2/ Ny Lehilahy Rehetra (35:23)-3/ Ny Vehivavy Rehetra (35:25) - 4/ Ny Loholona Rehetra (35:27)

Habetsahana fanomezana lafo vidy tokoa re no nentin'izy ireo! Indro ny iray amin'ireo andriana fa nitondra firavaka sarobidy; indro indray ireo andian'olon-tsotra mitondra firavaka sy kavina maro karazana, izay tena ifalian'ny Tatsinanana tokoa. Maro ireo vehivavy izay nitondra ireo fitaratra vita amin'ny metalin'izy ireo, ary avy tamin'izany no nanamboarana ny tavy fisasana taty aoriania. Nangonina daholo ireo zavatra ireo ary nambara tamintsika fa ny Fanahy no nitarika ireo olona ireo hanome.

4. AMPY NANAOVANA NY ASA IZANY (Eks 36:7). Mampianatra antsika izany fa ny sitrapon'Andriamanitra dia ny hanohanana ny asany amin'ny alalan'ny anjara biriky entin'ny olony. Mahagaga tokoa ny mahita hoe tsy nisy toromarika nomena ny amin'ny hoe iza no tokony hanome inona. Nanome lisitr'ireo fitaovana nilaina fotsiny I Mosesy. Inona no mety nitranga raha tsy nisy nitondra volamena, na volafotsy na hazo. Azonao an-tsaina ve raha toa ka ny akora mora indrindra no nentin'ny ankamaroany? Tsy nisy akora tsy ampy anefa.

5. BETSAKA NOHO NY TOKONY HO IZY. Koa satria nafana fo tokoa ny olona, dia niavosa tokoa ireo fanomezana nataony, ary dia tsy maintsy notohanam-potsiny izy ireo (Eks 36:5-7). "fa ny zavatra efa nateriny dia ampy anaovana ny asa rehetra ka nanana amby aza." Tsy nisy nahafantatra izay mety ho fanomezan'ny hafa ihany koa. Tsy nisy nampitaha ny fanomezana nataony tamin'ny an'ny hafa. Tsy nisy niandry mandra-panomezan'ny rehetra. Nitondra izay azony nomena izy ireo arakaraky ny fitahiana noraisiny sy arakaraky ny fiheverany ny tombambidin'izany hoe tranon'Andriamanitra.

Fanomezana miavosa be

Notohanam-potsiny ireo fanomezana. Nanohy nitondra fanatitra an-tsitraro ny olona isamaraina, Eks 36:3. Azo antoka fa nisy ireo izay tsy dia narisika hitondra ny fanatiny tamin'ny voalohany, kanefa nikitikitika azy ireo sy nahamenatra azy ny faharisihan'ireo mpifanolobodirindrina taminy. Nanetsika ny maro ny hafanam-pon'ny sasany. Misy ireo izay ho faly manaraka fotsiny ny hafa, fa tsy marisika ny hitarika amin'ny asa tsara. Tsara indrindra ny

mitarika, kanefa aleo tara toy izay tsy misy. Mety nisy koa ireo izay efa nanome tamin'ny voalohany, ka nahita fahafinaretana rehefa nandinika izany, ary mbola nanome misimisy kokoa; lavitra azy ireo ny fanaovana fanatitra amin'alahelo ka nampitombo avo roa heny ny anjara birikiny aza no nataony.

Ny fanomezana miavosa be toy izany dia maneho fanahin'ny fahalalan-tanana marina ao amin'ireo mpanome. Tsy dia fahita loatra izany. Mahalana no misy an'izany hoe "notohanam-potsiny" izany ireo zavatra nilaina. Tokony hikitikitika ny Kristiana ny ohatr'ireo Israelita mba hanahafany izany. Raha nalala-tanana ohatr'izany ireto mpirenirenay mahantra tany an'efitra ireto, nahoana isika no kahidy toy izao matetika?

Tsy nisy fanentanana mampientantana natao, ary tsy nizaha Baiboly tany an-trano ireo olona ahafahany mampitaha ireo fitakian'ny mpitarika azy ary ahitany hoe marina izany sa tsia. Tsy nanana fisalasalana izy ireo ny amin'ny nampitany ny sitrapon'Andriamanitra tamin'izy ireo, ary nanana fahatsapana mahery vaika tokoa izy ireo fa addinny izany, hany ka an-tsitrupo tokoa no nanolorany ny harena tsara indrindra sy lafo vidy indrindra nananany. Tsy nilaina ny nanao antso fanindroany. Tsy tata-bava nanao antso Mosesy. Mbola nanome foana izy ireo, na dia efa fantany aza hoe efa betsaka no nomen'ny hafa.

Aleo lavitra be loatra toy izay kely loatra. Sa tsy izany? Aoka hanao asa lehibe ny tananao, na dia mbola mety tsy fantatra mialoha aza angaha ny habetsahan'ny fitaovana ilaina amin'izany, na ny tena sandan'ny asa sy ny fitaovana. Aoka ho mailo mandrakariva ny hihevitra fa mazàna dia mihoatra noho izay heverina ho ilaina rehefa tena raikitra ny asa.

Miakatra ny vidin-javatra raha eo am-panaovana ny asa. Ny fitaovana novidiana na natolotra dia indraindray simba, na tsy maintsy soloina zavatra tsaratsara kokoa. Mety hisy ny loza tsy ampoizina. Mazàna no mihoatra noho ny sandan'ny asa notombanana ny tena sandany marina; indraindray dia mihoatra lavitra mihitys izany.

Voarakitra mba hahasoa ny vahoakan'Andriamanitra ankehitriny na ny fanoloran-tena nasehon'ireo israelita, na ny herijika nananany, na ny fahalalan-tanany tamin'ny nitondrany ireo fanatitra an-tsitrupo teo amin'i Mosesy. Ny ohatra nasehony tamin'ny nanomanany am-pifaliana tokoa ireo akora nilain'ny tabernakely, dia ohatra ho an'ireo rehetra izay tena tia ny fankohofana amin'Andriamanitra. Ireo izay manome lanjany ny fitahian'ny fanatrehan'Andriamanitra masina, dia tokony haneho fahalianana sy hafanam-po lehibe kokoa amin'ny asa masina raha eo am-panomanana ny fanorenana ny toerana izay hihaonany amin'izy ireo, tahaka ny hanomezany lanja ambony kokoa ireo fitahiana avy any an-danitra mihoatra noho ireo tombtsoany eto antany. Tokony hahatsapa izy ireo fa fonenana ho an'Andriamanitra no asaina homaniny. EGW, 1SP270.1.

Atosiky ny fahatsapana Fahasoavana

Rahoviana no hisy fahalalan-tanana toy izany hiseho ho an'ny asan'i Kristy? Ilaina ny fanomezana an-kahalalan-tanana. Mbola betsaka ireo tany izay tokony ho azo. Efa misokatra

amin'ny Filazantsara ireo tanin'ny jentilisa.

“Izay rehetra nanatitra fanatitra volafotsy sy varahina dia nitondra ny fanatitra ho an'i Jehovah” (Eks 35:24). Izany no tena fanahin’ny fanomezana ara-pivavahana marina. Ny fanatitra tsotra indrindra, raha nomena araky ny fahafaha-manaon’ilay nanolotra, dia ho ankasitrahina.

“Inona no antony manosika nitarika izany fahalalan-tanana nitobaka nampitolagaga izany? Tsaroan’izy ireo fa nentin’Andriamanitra nivoaka avy tany Egypta izy, naringany ireo fahavalony ary nohafahany tamin’ny fanandevozana izy. Ren’izy ireo indray ny feon’ireo kalesin-tsoavalny nanenjika azy sy ny faharinganan’ireo tafika! Notsaroany indray ilay diabe tao anatin’ny lalin’ny ranomasina, raha nijoro teo amin’ny sisiny roa ireo rindrin-dranomasina, ary hazavain’ny andry afo! Tokony ankasitrahana amin’ny fanatitra mampitolagaga ny fitahiana mampitolagaga. Ireo nanana tombotsoa tamin’izany dia tsy maintsy manokana ny tenany amin’ny fanompoana an’Andriamanitra sy ny tabernakeliny.

Tamin’ny fo tokoa no nitodihany tamin’Andriamanitra sy nilazany hoe, “Anao ny tsara indrindra anananay. Ianao no mendrika handray ny voninahitra sy ny haja sy ny harena sy ny fahefana sy ny fiderana, satria nanavotra anay Ianao.” Eo am-pototr’io fisainana io no hisian’ilay fahatsapana fa nanome tsy tapaka ny zavatra nilainy isan’andro Andriamanitra. Nilatsaka ny mana; nivoaka avy tamin’ilay vatolampy mideza ny rano; nitsoaka ny Amalekita! Izany rehetra izany no loharano niavian’io fahalalan-tanana nikoriana io. Tsy mba manana antony toy izany ve isika? “Koa amin’izany mangataka aminareo aho, ry rahalahy, noho ny famindram-pon’Andriamanitra, mba hatolotrareo ny tenanareo.” Jereo Romana 12:1,2

FAMARANANA

Raha hianao moa no niara-dia tamin’izy ireo?

Azo antoka fa tsy isan’io vahoaka tany an’efitra io ianao. Hevero hoe raha ianao no isan’ireo. Mety hilaza ianao hoe raha mba izaho no isan’ireo dia mba amin’izay aho afaka maneho ny fahalianako amin’ny fananganana toeram-piankohofana ho an’ilay Mpanafaka ahy. Mety ho nanome volamena ny sasany tamintsika, ny sasany mety nitondra hazo.

Tsy isan’ireo anefa hianao ka afaka ny hanome izay mba mety ho nirinao nomena. Soa ihany anefa fa misy fotoana hafa izay ahafahanao manome. Aza avela handalo fotsiny izany.

Amin’ny Sabata voalohan’ny volana Jolay, dia hanana fahafahana hanome fitaovana ny fiangonana ny mambra tsirairay. Afaka maneho ny faharisihanao hanatsara ny endriky ny toeram-piankohofana amin’ilay Tompon’izao tontolo izao ianao amin’io fotoana io. Misy toerana ho an’ny tsirairay ao amin’ny fanjakan’Andriamanitra. Hisy lisitr’ireo fitaovana ilaina omena amin’io. Manana tombotsoa sy adidy hanome arakaraky ny fitahiana nataon’Andriamanitra taminao sy ny ankohonanao ianao.

“Ireo izay maneho ny hafanam-pony amin’ny fitondrana fanatitra ankasitrahany Tompo, ny

hitondra ny tsara indrindra amin'izay hananany am-paharisihana tahaka ny nitondran'ny Zanak'Israely ny fanomezany teo amin'i Mosesy, dia hotahiana arakaraky ny fahatsapany ny hasarobidin'ny zavatra any ambony". EGW, 1SP 270.2

Manokàna fotoana andinohana ny amin'izany àry ankehitriny. Ohatrinona no azonao omena? Inona no azonao entina ho an'ny tranon'Andriamanitra? Manantena aho fa amin'io fotoana io dia ho rentsika ny loholom-piagonana hilaza hoe: "Nitondra mihoatra noho ny ilaina ny olona" sy hoe "Aza mitondra fanatitra intsony". Andriamanitra anie hanohy hitahy anao mba ahafahanao mitozo ny ho fitahiana ho Azy sy ny Asany.

Nanomana: Pasitora Pierrot RAFIDINJANAHARY
Talen'ny Departemantan'ny Fitantanam-piainana Kristiana
Fivondronamben'ny Ranomasimbe Indiana